



CENI/SEA/DIREELCOM/SCRIP- 006 -17

FAMPITAM-BAOVAO

Antananarivo 22 martsa 2017

Ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny fifidianana(CENI) dia manohy hatrany ny fampandraisana anjara ireo mpisehatra rehetra amin'ny fifidianana mba hikarakarana fifidianana mangarahara, azo antoka, eken'ny rehetra ary manaraka ny fenitra ara-demokratika.

Nanatanteraka fivoriana niaraka tamin'ireo fiarahamonim-pirenena sy ny orin'asan-tserasera sy fanaovan-gazety ny CENI androany alarobia 22 martsa 2017. Izany fivoriana izany dia nizarana sy nampahafantarana ireo sehatr'asa nokasain'ny CENI ho atao miaraka amin'ireo mpisehatra amin'ny fifidianana amin'ny fanatsarana ny didy aman-dalàna mifehy ny fifidianana sy ny paik'adim-pirenena hanabeazana sy hanentanana ny olom-pirenena ara-pifidianana mandritra ny taona 2017.

Mbola miandry ny fivoahan'ny didim-panjakana mikasika ny fametrahana ilay rafitra izay ahitana solontena avy amin'ny rafi-panjakana isan-tokony hisahana manokana ny fitrandrahana ireo tolo-kevitra hita ao anatin'ny antontan-kevitra sy ireo volavolan-dalàna mikasika ny fanatsarana ny didy aman-dalàna mifehy ny fifidianana.

Eo amin'ny fanabeazana sy fanentanana ny olom-pirenena ara-pifidianana kosa indray, efa misy amin'izao fotoana izao ny drafitra napetraka hanatanterahana ireo voalazan'ny paik'ady. Amin'izany, ny CENI dia hametraka komity mpandrindra isam-paritra ny asam-panabeazana ara-pifidianana sy hametraka vovonana teknika mpanaramaso eny anivon'ny distrika 119 eto Madagasikara.

Aorian'ity sehatra ifampidinihana androany ity dia hampitaina ihany koa amin'ireo mpanao politika sy ireo rafi-panjakana ny fizotran'ny fanatanterahana ireo antontan-kevitra momban'ny lalàna mifehy ny fifidianana sy ny paik'ady nasionaly hanabeazana sy hanentanana ny olom-pirenena ara-pifidianana.